FIANGONANA LOTERANA MALAGASY

SYNODAM-PARITANY EOROPA

TOBY POURU SAINT-RÉMY

Miray amin'ny

TOBILEHIBE ANKARAMALAZA

'Ary Ataovy ny trano dia hankasitrahako izany, sady hankalazaina aho, hoy Jehovah.' Hagay 1.8b

Pouru Saint Rémy, faha 11 Martsa 2019

Ry havana,

Hampitomboina ho anareo mandrakariva anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompontsika.

Fifaliana ho anay indray no manome ny vaovao mikasika ny fanorenana ny trano ho Toby, izay dingana lehibe hitomboan'ny asan'ny Tompo ao amin'ny Toby ary ahatanterahan'ny teny fikasàna.

1. Mikasika ny vola an-tanana: Mahatratra 175 000€ izao ny vola ao amin'ny kaontin'ny Toby.

Isaorana feno antsika rehetra satria azo anombohana ny asa io vola io, raha toa ka mitohy tsy miato ny fanomezana. Toy izao ny antsipirihany

- 275 000€ ny vola voahangona hatramin'ny fanombohana ny asa
- 83 000€ nividianana ny tany hanorenana ny trano ho Toby
- 9 000€ + 7 000€ ho karaman'ny mpiara-miasa "Maître d'oeuvre" (Enreprise Procimmo mivantana), nanaovana ny "Pré-étude" sy "plan", "estimation" voalohany ary fanomanana ny "dossier permis de construire"
- 1000€ tapany voalohany amin'ny fanamboarana ny site web (1500€ no sisa mila efaina)

2. Fitohizan'ny asa: Vita soamantsara ny « mission préliminaire » nankinina tamin'ny orin'asa « PROCIMMO ».

Toy izao no fitohizan'ny asa, hisy « appel d'offre » hatao mba hisian'ny fifaninanana na « concurrence » amin'ny orin'asa PROCIMMO.

Ny komitin'ny Toby izay nivory tamin'ny Alahady 27 Janoary 2019 dia nanome alalana ny vaomieran'ny fanorenana hifidy ny « maitre d'oeuvre » izay hanohy ny asa hatramin'ny farany miainga avy amin'io « appel d'offre » hatao io. Ary satria mitaky fahendrana ny asa ami'ny ankilany kanefa koa maika amin'ny andaniny dia efa eo am-pikarakarana izany ny vaomieran'ny fanorenana izao.

Noho izany àry dia anjarantsika tsirairay ny mitondra am-bavaka ny safidy matotra izay hataon'ny vaomieran'ny fanorenana mikasika ny « maitre d'oeuvre », satria tsy azontsika hatao intsony ny manova azy ao aoriana, araka ny lalàna.

3. Noho io fanapahan-kevitra vaovao mikasika ny « maitre d'oeuvre » io dia nahemotra ho amin'ny fotoana manaraka ny fampahafantarana ny asa fanorenana ny Toby ho an'ny mponina ao Pouru Saint Rémy, izay nokasaina hatao tamin'ny volana desambra lasa teo